## MINISITERAN' NY FANOLOKOLOANA SY NY ZAVA-KANTO REVOLISIONERA

### DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA 91-017

**manova sy mameno ny fepetra sasantsasany soritan' ny didim-panjakana laharana faha-83-116 tamin' ny 31 marsa 1983 amerana ny fomba fampiharana ny hitsivolana laharana faha-82-029 tamin' ny 6 novambra 1982 momba ny fitsimbinana sy ny fiarovana ary ny fikajiana ny Harem-pirenena.**

Ny Filohan' ny Repoblika Demokratika Malagasy,

Araka ny Lalàmpanorenana,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-89-100 tamin' ny 20 aprily 1989 manendry ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-89-101 tamin' ny 20 aprily 1989 sy ny didim-panjakana laharana faha-89-250 tamin' ny 17 aogositra 1989 manendry ny mambra ao amin' ny Governemanta,

Araka ny lalàna laharana faha-82-039 tamin' ny 9 desambra 1982 ankatoavana ny hitsivolana laharana faha-82-029 tamin' ny 6 novambra 1982 momba ny fitsimbinana sy ny fiarovana ary ny fikajiana ny Harem-pirenena,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-83-116 tamin' ny 31 marsa 1983 mametra ny fomba fampiharana ny hitsivolana laharana faha-82-029 tamin' ny 6 novambra 1982 momba ny fitsimbinana sy ny fiarovana ary ny fikajiana ny Harem-pirenena,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-79-320 tamin' ny 8 novambra 1979 mametra ny anjara raharahan' ny Minisitry ny Fanolokoloana sy ny Zava-kanto revolisionera ary koa ny fandaminana ankapoben' ny minisiterany,

Eo am-pivorian' ny Minisitra,

Dia mamoaka izao didy izao :

**Andininy voalohany.** — Ovàna sy fenoina toy izao manaraka izao ny fepetra soritan' ny andininy faha-6 sy faha-13 ary faha-16 amin' ny didim-panjakana laharana faha-83-116 tamin' ny 31 marsa 1983 mametra ny fomba fampiharana ny fepetra voalazan' ny hitsivolana laharana faha-82-029 tamin' ny 6 novambra 1982 momba ny fitsimbinana sy ny fiarovana ary ny fikajiana ny Harem-pirenena :

«And. 6 *(vaovao). — Eo amin' ny ambaratongan' ny Firenena* : ny fitarihana sy ny sekretaria ao amin' ny vaomiera dia iandraiketan' ny minisitera miadidy ny Fiarovana ny Harem-pirenena;

«Eo amin' ny ambaratongan' ny Faritany : ny fitarihana ny vaomiera dia iandraiketan' ny filohan' ny komity mpanatanteraky ny Faritany na ny solontenany, fa ny sekretaria kosa dia iantsorohan' ny Sampandraharaham-paritanin' ny minisitera miandraikitra ny Fiarovana ny Harem-pirenena.

«And. 13 *(vaovao). — Ny andraikitry ny Fokontany :*

«Ny komity mpanatanteraky ny Fokontany no :

«— manolo-kevitra momba ny fananana tokony hosoratana na hatokana»;

«— manao ny lisitry ny fananana voatondro ao amin' ny andininy faha-4 amin' ny hitsivolana laharana faha-82-029 hita ao amin' ny fari-piadidiany avy ary mampita izany any amin' ny minisitera miandraikitra ny Fiarovana ny Harem-pirenena»;

«—miantsoroka ny fitsimbinana ny tsangambato sy toera-manintona voatokana sy voasoratra (fanorana, fikojakojana mandavantaona iarahany miasa amin' ny minisitera miandraikitra ny Fiarovana ny Harem-pirenena);

«— mandray ny vola fandoa sy haba amin' ny tsangambato manantantara araka ny fombafomba famoriana izany ho feran' ny didim-pitondrana iombonan' ny minisitera miandraikitra ny fiarovana ny Harem-pirenena sy ny minisitera miandraikitra ny fitantanam-bola

## MINISTERE DE LA CULTURE ET DE L'ART REVOLUTIONNAIRES

### DECRET N° 91-017

**modifiant et complétant certaines dispositions du décret n° 83-116 du 31 mars 1983 fixant les modalités d'application de l'ordonnance n° 82-029 du 6 novembre 1982 sur la sauvegarde, la protection et la conservation du Patrimoine national.**

Le Président de la République Démocratique de Madagascar,

Vu la Constitution,

Vu le décret n° 89-100 du 20 avril 1989 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu le décret n° 89-101 du 20 avril 1989 et du décret n° 89-250 du 17 août 1989 portant nomination des membres du Gouvernement,

Vu la loi n° 82-039 du 9 décembre 1982 portant ratification de l'ordonnance n° 82-029 du 6 novembre 1982 relative à la sauvegarde, la protection et la conservation du Patrimoine national.

Vu le décret n° 83-116 du 31 mars 1983 fixant les modalités d'application de l'ordonnance n° 82-029 du 6 novembre 1982 sur la sauvegarde, la protection et la conservation du Patrimoine national,

Vu le décret n° 79-320 du 8 novembre 1979 fixant les attributions du Ministre de la Culture et de l'Art révolutionnaires ainsi que l'organisation générale de son ministère,

En conseil des Ministres,

**Décrète :**

**Article premier.** — Les dispositions des articles 6, 13 et 16 du décret n° 83-116 du 31 mars 1983 fixant les modalités d'application des dispositions de l'ordonnance n° 82-029 du 6 novembre 1982 sur la sauvegarde, la protection et la conservation du Patrimoine national sont modifiées et complétées comme suit :

«Art. 6 *(nouveau). — Au niveau national* : la présidence et le secrétariat des commissions sont assurés par le ministère chargé de la protection du Patrimoine national.

«*Au niveau des Faritany :* la présidence des commissions est assurée par les présidents du comité exécutif des Faritany ou leurs représentants, le secrétariat en est assuré par les services provinciaux du ministère chargé de la Protection du Patrimoine national.

«Art. 13 *(nouveau). — Du rôle de Fokontany :*

«Les comités exécutifs des Fokontany :

«— proposent les biens à inscrire ou à classer»;

«— dressent la liste des biens visés à l'article 4 de l'ordonnance n° 82-029 se trouvant dans leur circonscription respective et la transmettent au ministère chargé de la Protection du Patrimoine national»;

«— assurent la sauvegarde des monuments et sites classés et inscrits (inscription, entretien courant en collaboration avec le ministère chargé de la Protection du Patrimoine national).

«— perçoivent les droits et les taxes sur les monuments historiques selon les modalités qui seront fixées par arrêté conjoint du ministère chargé de la protection du Patrimoine National et du ministère chargé des Finances,

«And. 16 *(vaovao)*. — Toy izao no firafitry ny vaomieram-pirenena momba ny fiarovana ny zava-tsoan' ny Harem-pirenena navondrona ho vaomiera amin' ny fihadian-tany sy fikarohana.

«— ny Minisitra miandraikitra ny Fiarovana ny Harem-pirenena izay ny Talen' ny Fanolokoloana no misolo tena azy;

«— ny solontena iamboho-mahefa avy amin' ireo departemanta miandraikitra :

. ny taozava-baventy mitana ny laka;
. ny tantsoratrelam-pirenena;
. ny raharaham-bahiny;
. ny tranomboky;
. ny fiarovana sy ny fikajiana ny Harem-pirenena;
. ny tetibola;
. ny fifaninanana sy ny fampirindrana ny varotra;
. ny indostria sy ny harena an-kibon' ny tany;
. ny fikarohana siantifika;
. ny fanaraha-maso sy ny fiahiana ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana;
. ny fizahan-tany;
. ny fampahalalam-baovao;
. ny fampianarana;
. ny rano sy ny ala ary ny fikajiana ny nofon-tany.»

(Ny sisa tsy misy fiovàna.)

And. 2. — Ny Minisitry ny Fanolokoloana sy ny Zava-kanto revolisionera, ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Minisitry ny Fampianarana ambaratonga ambony, ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fananan-tany, ny Minisitry ny Atitany, ny Minisitry ny Indostria sy ny Herim-pamokarana ary ny Harena an-kibon' ny tany, ny Minisitry ny Raharaham-bahiny, ny Minisitry ny Fitaterana, ny Famantarana ny toetr' andro ary ny Fizahan-tany, ny Minisitry ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra, ny Minisitry ny Fiompiana sy ny Fanjonoana ary ny Rano sy ny Ala, ny Minisitry ny Toe-karena sy ny Teti-pivoarana, ny Minisitry ny Fikarohana siantifika sy ny teknolojika ho amin' ny fampandrosoana, ny Minisitry ny Varotra, ny Minisitry ny Fampahalalam-baovao, ny Fanentanana ara-pirehankevitra ary ny Fampiroboroboana ny farimbona sy ny Minisitry ny Fiarovana no miadidy, araka ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana izao didim-panjakana izao izay havoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

Natao tao Antananarivo, ny 15 janoary 1991.

Didier RATSIRAKA

Avy amin' ny Filohan' ny Repoblika Demokratika Malagasy :

*Ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,*

Colonel RAMAHATRA Victor.

*Ny Minisitry ny Fanolokoloana sy ny Zava-kanto revolisionera,*

RABESAHALA Gisèle.

*Ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy sy ny Tetibola,*

RAJAOBELINA Léon.

*Ny Minisitry ny Fampianarana ambaratonga ambony,* mpisolo toerana vonjimaika

VELOMPANAHY Aristide.

*Ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fananan-tany,*

ANDRIANOELISON José.

*Ny Minisitry ny Atitany,*

AMPY Augustin Portos.

«Art. 16 *(nouveau)*. — La commission nationale de protection des biens du Patrimoine national érigée en commission de fouilles et de recherches est composée comme suit :

«— Le Ministre chargé de la protection du Patrimoine national représenté par le Directeur de la Culture;

«—des représentants nommés ès qualités des départements chargés :

. des industries stratégiques;
. des archives nationales;
. des affaires étrangères;
. des bibliothèques;
. de la protection et conservation du Patrimoine national;
. du Budget;
. de la concurrence et la régulation commerciale;
. de l'industrie et des mines;
. de la recherche scientifique;
. du contrôle et de la tutelle des Collectivités décentralisées;
. du tourisme;
. de l'information;
. de l'enseignement;
. des eaux et forêts et de la conservation du sol.

(Le reste sans changement.)

Art. 2. — Le Ministre de la Culture et de l'Art révolutionnaires le Ministre des Finances et du Budget, le Ministre de l'Enseignement supérieur, le Ministre de la Production agricole et du Patrimoine foncier, le Ministre de l'Intérieur, le Ministre de l'Industrie, de l'Energie et des Mines, le Ministre des Affaires étrangères, le Ministre des Transports, de la Météorologie et du Tourisme, le Ministre des Postes et Télécommunications, le Ministre de la Production animale (Elevage et Pêche) et des Eaux et Forêts, le Ministre de l'Economie et du Plan, le Ministre de la Recherche scientifique et technologique pour le développement, le Ministre du Commerce, le Ministre de l'Information, de l'Animation idéologique et de la Coopérativisation, le Ministre de la Défense sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au *Journal officiel* de la République.

Fait à Antananarivo, le 15 janvier 1991.

Didier RATSIRAKA.

Par le Président de la République Démocratique de Madagascar :

*Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,*

Colonel RAMAHATRA Victor.

*Le Ministre de la Culture et de l'Art révolutionnaires*

RABESAHALA Gisèle.

*Le Ministre des Finances et du Budget,*

RAJAOBELINA Léon.

*Le Ministre de l'Enseignement supérieur,* par intérim,

VELOMPANAHY Aristide.

*Le Ministre de la Production agricole et du Patrimoine foncier,*

ANDRIANOELISON José.

*Le Ministre de l'Intérieur,*

AMPY Augustin Portos.